



Jésus Vivant

en Marie

Edition malgache

Fanokanan-tena
Monfortanina

« La consécration par laquelle
le fidèle s'engage dans l'Association
implique l'engagement à vivre,
dans son propre état de vie,
dans son propre milieu,
dans son propre travail,
l'esprit et la spiritualité légués par Montfort.

Il cherchera à en faire l'âme de toute sa vie,
à en imprégner toutes ses activités,
tout son apostolat.

Renouvelant chaque jour sa consécration,
il collabore, dans la mesure de ses possibilités
et selon sa propre condition,
à l'apostolat de la *Compagnie de Marie*
suivant les directives du Directeur général. »
(Statuts, art. 10)

**BULLETIN DE
L'ASSOCIATION MARIE
REINE DES CŒURS**

N° : 10/février 2019



MISSIONNAIRES MONFORTAINS

Viale dei Monfortani, 65, 00135 Rome - ITALIE ;
Tél. (+39) 06-30.50. 203 ; E-mail: rcordium@gmail.com

Fanokanan-tena Monfortanina

Aiza no mety ahitana ny fampianaran'i Louis Marie Grignon de Monfort (1673-1716) mikasika ny « fanokanan-tena » ? Mba ahitana azy dia tsy maintsy makamin'ny loharano fototra, amin'ny famakiana ny asa sorany, indrindra fa ireto asa sorany telo lehibe ireto : “Ny tena fitiavana ny Fahendrena Mandrakizay » (*l'Amour de la Sagesse Éternelle*) (ASE), Ny raki-tsarobidy nankinina amin'i Maria » (*le Secret de Marie*) (SM) ary ny « Tena Fitiavana amam-panajana an'ilay Virijiny Masina » (*le Traité de la Vraie Dévotion à la Sainte Vierge*) (VD). Ao amin'ny fampianaran'i Monfort , ny teny hoe « fanokanan-tena » dia ampiasainy amin'ny heviny mavitrika avy amin'Andriamanitra Trinite Masina . Indro àry ny heviny : « Ny fanokanan-tena dia fihetsika ataon'Andriamanitra amintsika ,

Andriamanitra mihitsy no manokana , manamasina amin'ny fampitany amintsika ny fahamasinany. Amin'ny fampiharana ,niseho izany tamin'ny Batemy , ka nahatonga antsika ho tempoly masin' ny Trinite Masina . Ary Andriamanitra manohy izany , tsy ankiato , ankehitriny sy mandrakizay , amin'ny alalan'ny Fanahy Masina . Etsy akilany , amin'ny maha-olona, ampiasain'i Montfort ny teny hoe “fanokanan-tena”, mba hanehoana ny fahavitrihana handray anjara feno, rehefa miara-miasa mavitrika, ampim-paharetana ary anaty ny olona, amin'ny alalan'ny fahasoaavana mpanamasina avy amin'Andriamanitra; mba hiaina marina ao amin'ny fahamasinana izay lasa fanehoana ny maha izy azy hatrammin'ny Batemy.



Noho izany , mba hahatanteraka ny asan' Andriamanitra ato amiko , dia mila “manokan-tena aho”, izany hoe” manolo tena tanteraka “ miaraka amin'izay anananako rehetra , amin'I Jesoa Kristy eo am-pelan-tànan'i Maria ,tahaka ny fitaovana malefaka azo tefena, mba ho afaka hovain' ny Fanahy Masina ho tonga tena zanaka lahy (na vavy) ‘ny Ray any an-danitra .Ao amin'ny vavaka fanoloran-tena no lazaina amin'i Masina Maria Virijiny: “ Atolotro sy atokako ho Anao ...”(ASE 225) . Araka ny nomarihintsika ko, ny teny hoe “manokana” dia mifanindran-dàlana amin'ny teny hoe « manolotra ». araky ny hevitr'I Montfort. Zavatra iray ihany ireo : sitrapoko manontolo ny miara miasa amin'Andriamanitra mba hahatanteraka ny vina kasainy eo amiko manokana na ho an'ny hafa ao amin'ny tantara. Mbola mampiasa teny hafa ho enti-milaza zavatra iray ihany i Montfort , sahala amin'ny hoe « manome”ny tena manokana . Izany indrindra no voalaza ao amin'ny raki-tsarobidy nankinina amin'i Maria (SM 28) ; milaza amintsika fa ny tena fampiharana tonga lafatra ny fitiavana amam-panajana manokana an'i Maria dia « manome manontolo , tahaka ny mpanompo amin'i Maria sy amin'i Jesoa amin'ny alalany , ary manatanteraka ny zavatra rehetra miaraka amin'i Maria, ao amin'i Maria, amin'ny alalan'i Maria ary ho an'i Maria”. Amin'ity fanazavana ity , dia ahitana hevitra roa fototra mahakasika ny fanokana-tena : ny voalohany “manome ny tena manontolo , tahaka ny mpanompo amin'i Maria sy amin'I Jesoa amin'ny alalany “ ; ary ny faharoa “manao ny zavatra rehetra miaraka amin'i Maria, ao amin'i Maria, amin'ny alalan'i Maria ary ho an'i Maria”.



Raha halalina ireo endrika roa ny fanokanan-tena , dia mifanojo amin'ny voalaza ao amin'ny VD 227-233, izay maneho ny fiomanana amin'ny fanokanan-tena miaraka amin'ny fanavaozana azy ; ary ny VD 121, izay mampiseho ny fitanisana ireo zavatra hatokana ; ary farany ny VD 257-265 izay milaza ireo “ fampiharana manokana sy anaty ho an'ireo izay te-holavorary “ . Raha te ahafantatra momba ny “fanokanan-tena montfortanina dia afa-mamaky ny tena votoatiny ara-teolojika (VD 134-182), ireo soritra ao amin'ny lova tsofina (VD 159-163) ,ary ireo fampiharana ivelany (VD 226-256), anatin'ny (VD 257-265) ary ao Komonio Masina (VD 266-273) ; ary farany dia ireo vokany tsy manampaharoa (VD 213-225)



Arnold SUHARDI SMM



Nouvelle de Tananarive

MADAGASCAR

Ny Sabotsy 12 Janoary lasa teo no niara-nankalaza ny taona vaovao tao amin'ny Foyer Montfort ny Fikambanana *Association Marie Reine de Cœurs*.

Nandritra io fifampiarahabana teo amin'ny samy Fianakaviambe Montfortana

eto Andraisoro io, dia ireo: Lahika sy ny Relijiozy ato amin'ny SMM, ny rehetra dia nifampirary soa mba ho taona hitondra hafaliana, fahasalamana, hasambarana ary fahombiazana anaty firahalaliana ity taona vaovao ity.



Tena zava-dehibe ny lahateny nataon'i Frère Nirina, notsindriany manokana fa "tsy tokony hohadinointsika ny Mahantra, tsy maintsy tiavintsika izy ireny na aiza na aiza misy antsika". Fantantsika fa i Montfort dia nitia ny mahantra ary isika ihany koa dia mila mitia ny mahantra izay manodidina antsika.

Ity fihaonana voalohany tamin'ity taona vaovao ity dia tena tsara sy lehibe, nahafinaritra ary sarotra hadinoina, na dia tsy teo aza i Frère François satria namoy ny rahalahiny (zanakin'ny iray tam-po amin'ny Dadany) izy ary niatrika ny fandevenana tany Fandriana tamin'io fotoana io.



Madama Haja (Miakanjo mavomavo), Frère Frédéric ary Vero (manao Polo gris), samy anaty hafaliana daholo.



Maneho ny hafaliany amin'ny fambosahana Ranomboankazo anaty veran'i Ramose Tamou i Frère Frédéric.

Tamin'io andro io ihany koa no efa nanomananay sahady ny zavatra hataonay ato anatin'ny dimy volana ho avy, tafiditra anatin'izany ireto:

- Fanomanana ny Fifampiarahabana ny nahatrarana ny taona vaovao miaraka amin'ny Associés Antsobolo, ny alahady 03 Febroary 2019.
- Ny fanavaozana ny Fanokanantena ny volana Marsa 2019
- Ny fanomanana ny Fivahinianana Masina hatao any Analamalotra Toamasina amin'ny volana Mey 2019, mandritra ny fankalazana ny Niakaran'ny Tompo any andanitra.

Ny Associés eto Andraisoro Antananarivo Madagasikara dia mirary taona vaovao sambatra sy tsara ho an'ny *Associés Marie Reine de Cœurs* rehetra manerana an'izao tontolo izao.



Fangataham-bavaka Herinandro 01-04

1- Masina Maria Renin' Andriamanitra, Maria Mpanjakavavin'ny Lanitra sy Mpanjakavavin'ny Fo rehetra sy ny Foko, amin'izao andro fitsingerenan'ny taona nahavitako ny Fanokanan-tenako amin'i Jesoa Zanakao amin'ny alàlanao Masina Maria izao, maniry aho ny mba hanatanterahanao ny zava-drehetra ato amiko ho Voninahitr'i Jesoa. Tia anao aho Maria Reny Masina.

2- Ry Masindahy Louis-Marie de Montfort, ry Olontsambatra Marie-Louise, misaotra noho ny fitahianareo anay nandritra iny taona lasa iny, tamin'ny fahasalamana sy ny fankaherezana ary ny fifankatiavanay mianakavy. Isaorana Masina Maria Virjiny sy Jesoa Zanany. Manantena izahay ny hizotra hatrany amin'ny làla-marina sy hanomboka ity taona vaovao ity ao anatin'ny fifankatiavana. Mivavaha ho anay ary arovinareo izahay.

3- Masindahy Louis-Marie Grignon de Montfort, inty aho tonga hamboraka aminao ny faniriana rehetra ato am-poko, tsy miafina aminao izy ireny koa mba hatolory an'i Jesoa. Matoky anao aho. Misaotra amin'ireo fahasoavana voaraiko tamin'ny alàlanao. Ankiniko aminao ny taona 2019 ary mba ho ao aminay anie ny Fanahy Masina hitantana anay isan'andro. Misaotra

4-Masindahy Louis-Marie sy Olontsambatra Marie Louise, misaotra tamin'ny fanampianareo nandritra iny taona lasa 2018 iny. Misaotra amin'ny fiahianareo ahy sy ny fianakaviako, mba ento any amin'ny Virjiny Masina sy ny Trinite Masina ny fankasitrahako. Mba arovy hatrany izahay mandritra izao taona 2019 izao. Enga anie mba hanatanteraka izay sitrapon'Andriamanitra izahay n'aiza n'aiza misy anay. Misaotra indrindra!

5- Ray ô, mba hahazo ny fahasoavana haharitra amin'ny fitiavana amam-panajana an'i Maria anie aho noho ny fanelanelanan'ny Mompera de Montfort. Alotro anao eto ny fiainako mba ho fiderana ny Voninahitrao sy ho fahazavana hoan'ireo rahalahiko eran'izao tontolo izao. Misaotra

6- Hoan'ny fianakaviako, sy ny zanako ary ny zafikeliko rehetra, mivavaha ho anay ry Masindahy Louis-Marie de Montfort. Arovy izahay. Ankiniko aminao ny faniriako rehetra. Misaotra

7-Masindahy Louis-Marie, atolotro anao ny faniriako rehetra fa indrindra izay mahakasika ny fahasalamako sy ny sisa rehetra, ara-panahy sy ara-nofo. Misaotra indrindra Masindahy Louis-Marie ary ankiniko aminao koa ny fianakaviako.

8-Masindahy Louis-Marie Grignon de Montfort, mivavaha hoan'ireo rehetra tsy salama ary mba hanjaka anie ny fiadanana. Misaotra

9- Ankininay aminao ireo pretra rehetra ry Masindahy Louis-Marie. Misaotra amin'ireo fahasoavana rehetra voarainay.

10-Ry Masindahy Louis-Marie, ankiniko aminao ny tovovavy iray izay voan'ny homamiadana. Misaotra

